


TORITENY – 02 Febroary NY NANOLORANA NY TOMPO



“ Fa ny masoko nahita ny famonjena avy aminao, izay namboarinao teo anatrehan’ny firenena rehetra, dia fahazavana hanilo ny Jentily sady voninahitr’i Israely olonao”. (Lioka 2, 30-32)

Ry Kristianina Havana, 40 andro lasa izay isika no nankalaza ny Noely, ny nahaterahan’ny Tompo izany hoe Andriamanitra famindrampo eo anivontsika ary izay no ankalazaintsika amin’izao andro 02 febroary ity, andro iray toa zato ankalazantsika an’i Jesoa natolotra tao an-tempoly araka ny fomba jody ary mampibaribary ihany koa fa nankatò ny lalàna ampahibemaso ny zanak’Andriamanitra ary porofon’izany ireo tao an-tempoly dia voalohany i Josefa sy Maria ary ny mpaminany antitra dia tsy iza fa i Ana sy Simeona nidera sy nankalaza an’Andriamanitra tamin’ny fahasoavana tonga teo anivontsika ka nanolotra azy teo anivon’ny vahoaka, nanambara azy ampahibemaso ary izay koa no ankalazaintsika androany.

Izay no anton’ny jiro, i Jesoa tonga olombelona no manilo ny fiainantsika ary izay rahateo ny hafatr’ireo zokiolona mpaminany Simeona sy Ana izay nampiseho an’i Jesoa, izay ihany koa

Vakiteny I : Mal. 3, 1-4

Tononkira : Sal. 23, 7-10.

Vakiteny II : Heb. 2, 14-18

Evanjely : Lk. 2, 22-40

no mahatonga atsika ry Kristianina havana fa indrindra amin’izao taona masina famindrampo izao mba hitondra ny jiron-pinoantsika satria ny masompinoantsika tahaka ny mason’i Simeona, tahaka ny mason’i Ana ary tahaka ny mason’i Josefa sy Masina Maria, dia nahita an’i Jesoa izy ka natolotra i Jesoa tao an-tempoly.

I Jesoa natolotra tao an-tempoly no fahazavana, hanolotra an'i Jesoa noho ny finoantsika isika satria isika no jiro, isika Kristianina mpanaradia an'i Kristy no jiro manilo an'ireo havantsika. Izay indrindra no nahatonga an'i papa Md Joany Paoly faharoa taorinan'ny sinaoda mikasika ny fiainana voatokana nanokana an'ity 2 febroary ity ho andron'ny relijiozy, ho andron'ny voatokana.

Antony telo no nanaovan'i Md Joany Paoly II ny hankalazana ny 02 febroary ho andron'ny voatokana

1 - Hiaraka amin'ny Eglizy eran-tany hisaotra sy hidera an'Andriamanitra fa miantso olona ho fanilo, ho famantarana araka ny vavaka ataontsika ho an'ny fiantson'Andriamanitra. Ny relijiozy izany dia ho famantaram-pitiavana, ho jiro manazava ny famindrampon'Andriamanitra, izay ny voatokana : manokan-tena izy ireo ho famantarana ilay fiainana ao amin'Andriamanitra, ny famindrampon'Andriamanitra, ilay fiombonana ao amin'Andriamanitra. I Kristy velona eo anivontsika ireo relijiozy ireo.

2 - Irahina ireo relijiozy ka ny Fahasoavan'Andriamanitra fa tsy noho ny fahamendrehan'izy ireo ny iraka apetraka aminy ka miara-misaotra an'Andriamanitra izy ireo.

3 - Hiara-mivavaka amin'ny vahoaka Kristianina manontolo, miaraka amin'ny Eglizy mba hitohy hatrany ary indrindra indrindra hifikitra, hivahatra amin'i Kristy izy ireo, haharitra amin'ny famantaram-pitiavana izany ary dia haneho an'izany na dia eo aza ny fahalemena isankarazany.

Izay no mahatonga atsika isan-taona ato amin'ny diosezy, fantantsika ny zava-misy fa sarotra ny lalana amin'ny volana febroary ka tsy izao 02 febroary izao no ankalazantsika ny fetin'ny voatokana fa ny volan'ny Pentekôty no andron'ny voatokana ato amin'ny diosezin'Antsiranana ary any amin'ny faritra SAVA no atao amin'ity taona ity raha sitrapon'Andriamanitra. Hiaraka hidera sy hankalaza an'Andriamanitra fa indrinda amin'izao taona masina famindrampo izao.

Izay indrindra ry Kristianina havana, andro lehibe ho antsika tokoa ity andro anio 02 febroary ity, hibanjinantsika bebe kokoa an'ilay Jesoa fahazavana. Izy maniraka antsika ho eo anivon'izao tontolo izao mba ho fahazavana isika hitondra an'ireo vahoaka.

Ny hasongadin'ny tenin'Andriamanitra androany 02 febroary

Ny tenin'Andriamanitra izay banjinintsika amin'ity andro anio ity dia mampatsiahy an'izay, ny bokin'ny Malakia mpaminany (Mal. 3, 1-4) amin'ny vakiteny voalohany dia manambara fa efa tonga tokoa ny Tompo, eo anivon'ny Tempoly izany hoe eo anivontsika ary dia mizara amintsika ny hazavana, ny fahasoavana : “Indro Aho, haniraka ny irako; ka izy no hamboatra ny lalana eo alohako; dia ho tonga tampoka ao an-Tempoliny ny Tompo tadiavinareo, ilay Anjelin'ny fanekena irinareo”. Indro ary ny Tompo eo anivontsika tokoa izy amin'izao taona masina izao, taona masina ny famindrampo ka aiza isika ? manokatra ny fontsika ve isika ?

mba mandray azy tokoa ve isika ? manaiky ho hazavain'Andriamanitra ve isika ? ary mba misokatra ve ny masom-pinoantsika ka mahita an'izay fahazavan'Andriamanitra izay ? Fantaro ary ry Kristianina havana araka ny efa nolazaintsika teo am-piandohana ny antony voalohany dia i Jesoa manilo ny fiainantsika io dia tsy Jesoa lavitra, tsy Andriamanitra lavitra no manila antsika eo amin'ny fiainantsika andavanandro io fa araky ny taratasin'I Hebrion (Heb. 2, 14-18) ao amin'ny vakiteny faharoa : "Tsy maintsy mitovy amin'ny rahalahiny amin'ny zava-drehetra izy mba hamonjy an'izay rahalahiny izay" ankoatry ny fahotana mazava ho azy. Tonga olombelona tokoa i Jesoa, nanaiky ho farahidiny izy mba hanandratra antsika izay no fahazavana entin'i Jesoa sy ilay fahazavana handrandraina ho an'ireo voatokana. Mipetraka eo anivontsika izy, miara-miaina amintsika izy, tonga eo anivontsika izy sady Andriamanitra no olombelona mba hanandratra atsika ho tonga zanak'Andriamanitra ary izay koa ny adidy apetraka amin'ireo voatokana amin'ny fianantsika andavan'andro. Lahika tahaka atsika izy ireo fa nanokan-tena mba hitarika atsika, ho fahazavana ho atsika ka hanavotra atsika amin'ny haizin'ny fahotana sy fahantrana izay mangeja atsika vokatry ny fahotantsika, izay no ankalazaintsika amin'izao taonan'ny famindrampo izao. Izay ny antitranterin'ireo zokiolona mpaminany dia i Simeona sy Ana, nipetraka tao an-tempoly niandry ny fiavian'ny Tompo izy ireo ka manambara tokoa fa tanteraka ny famonjena, izay koa no ataon'ny Eglizy manambara amintsika. Araky ny nambarany tsy mandeha ho azy izany famonjena izany, na ho an'i Masina Maria fa indrindra ho an'i Jesoa, araky ny nilazainy tsy maintsy mitaky safidy ka ho hisy fanafintohinana ho an'ireo izay tsy mandray azy fa famonjena koa ho an'ireo izay mandray azy hoy i Simeona milaza an'izay : "Indro ity Zaza ity no voatendry ho fandavoana sy ho fananganana ny maro amin'i Israely ary ho famantarana hotoherina, - ary ny fanahinao aza hotanterahin-tsabatra, niresaka an'i Masina Maria izy "

Eo anatrehan'izao fahasoavana ho entin'Andriamanitra eo anivon'ny fiainantsika ary dia tsy maintsy misy safidy, tsy maintsy maka safidy isika, aza gaga ary isika raha misy olona manohitra ny finoantsika fa ANJARANTSIKA NO MITOETRA AO AMIN'I JESOA TAHAKA AN'I MASINA MARIA izay nolazain'i Simeona hoe : "Ny fanahinao aza hotanterahin-tsabatra", io sabatra io no manambara fa mifikitra amin'i Jesoa isika.

Ry Jesoa zokinay ô, nanaiky natolotra tao an-tempoly ianao mba hanambara aminay fa ianao tokoa ny fahazavana ka velomy, areheto ary ny fonay fa indrindra amin'izao taona masina famindrampo izao ka ho zary famantaram-pamonjena amin'ireo manodidina anay koa izahay, amin'izay hahita ny tena lalan-kombana izay tsy iza fa ianao dia hanjaka eto aminay tokoa anie ny fiadanana ary hiseho ary fa ianao tokoa no mpanjaka mahery mitondra an'izay fiadanana izay, tsy hanjakazaka fa hanjaka eo anivonay ka hahazoanay ny fahasoavana sy ny hasambarana. Amen